# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny kandida Rina nanao valan-dresaka tamin'ny mpanao gazety tao Bel'Air.











FIAINANA ANDAVANANDRO SY FIFAMOIVOIZANA

## Maro amin'ireo môtô no tsy manàja olona

Tsikaritra fa miezaka mandrindra ny fifamoivoizana ireo mpitandro filaminana misahana izany eto an-drenivohitra, indrindra ao anatin'izao fetin'ny faran'ny taona izao. Anisan'ny hita izany eny amin'ny arabe manasaraka ny tohatohabaton'Antananarenina sy Analakely manolona ny Tahala Rarihasina. Miezaka manao ny asany ireo polisy vavy amin'ny fandrindrana ny fifamoivoizana amin'ny fanelanelanana ny fandehanan'ny fiarakodia sy ny mpandeha an-tongotra miampita arabe. Rehefa mampiato ny fiarakodia anefa ireo polisy, ka miampita ny mpandeha an-tongotra dia hita mbola misy ihany ireo môtô no misosososo tsy te-hahalala mijanona. Mahasorena ireo mpandeha an-tongotra izy ireny kanefa toa tsy hita izay fanafodiny. Ireo polisy tsy hitany izay atao fa zary mitazam-potsiny sisa amin'ny tsy fahaizan'ireo mpitondra môtô manaja mpandeha an-tongotra. Mazava loatra fa maro amin'izy ireny no tsy nianatra momba ny lalànan'ny fifamoivoizana. Mbola ekena ihany aloha ny ahafahan'izy ireo mifamoivoy satria manampy be dia be ny olona ny fampiasana azy ireny. Mba mila fantatra ihany anefa ny lalànan'ny fifamoivoizana sy ny fanajàna olona ary ny zon'ny mpandeha an-tongotra, fa tsy fahamaizana no tsy hanajana ny hafa. Mba mila fahalalana ihany koa ny fomba fiainana an-tanàn-dehibe fa tsy samy manao izay saim-pantany sy ny nanabeazana azy tany an'ananona tany ho any. Renivohitra no iainanao dia mila mahatakatra sy mahalala fara-fahakeliny fahaiza-miaina takiana ao anatin'izany ny olom-pirenena. Sanatria ve ho tonga amin'ny fampiharana lalàna henjana indray vao himenomenona ireo mpitondra môtô?

*Radafy*

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa ritra nolafihana salady indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly analana havizanana

Fomba natoraly analana ha vizanana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zava-pisotro manala havizanana haingana:

- Zavatra ilaina :
• Karaoty 400 g
• Betiravy (mena) 350g
• Voasarimakirana 1
• Rano ½ l.



- Fikarakarana azy:
• Sasao tsara ilay karaoty sy betiravy.
• Voaso ary teteho madinika.
• Ataovy anaty mik-sera ary ampio an'ilay rano tapakin'ny vera sy ilay ranona voasarimakirana ary persily kely.
• Mikseo ary ampio rano kely raha ohatra tsy mety aminao ilay marihitra kely.
- Fanazavana fanampiny:
• Tsara raha sotroina eo no ho eo ity zava-pisotro ity, mba tsy ho very ireo hery ao anatiny.
• Eo am-pihinanana sakafo maraina no tsara hisotroana azy ary averimberina ny fisotroana azy raha tehahita ny vokany.
• Manohitra harerahana ny fisotroana azy.
• Manampy amin'ny fanaovana "régime".
• Manan-karena "nutriments" sy "antioxydants" ihany koa ity zava-pisotro ity.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Djangoa, any amin'ny distrikan'Ambanja, faritra Diana

Ny tanànan'i Djangoa, any amin'ny distrikan'Ambanja, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Iva toerana izy satria 12 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha mpampboly sy mpiompy ary mpanjono ny mponina any an-toerana. Vokatra any ny kafe, ny dipoavatra, ny mahabibo ary voankazo isan-karazany.

